

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue de Clichy
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

MANDRAY FANJAKANA TSY AZO...

AMPIHOROHORAINA

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

Mandray fanjakàna...

« 28Koa satria mandray fanjakana tsy azo ampikorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana ho entintsika manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana; 29fa Andriamanitsika dia afo mandevona (Deo. 4.24). »

Ny halehiben'ny fahasoavana azo amin'ny fanekena vaovao, sy ny halehiben'ny helok'izay mandà izany (Hebreo 12, 1-29)

Ny fiainana Kristiana

- ...Mijery an'i Jesosy Tompon'ny finoantsika
- Manaisotra
- Mihazakazaka
- Mijery an'i Jesosy
- Maharitra



MANAISOTRA

...izay rehetra
manavesatra tsy
ahafahana mihazakazaka

- Fiahiana izao fiainana izao...
- Fahotana ..., ny fitaka sy ireo filan'ny nofo isan-karazany
- => Miantso fahamasinana sy filaminana eo @ fiangonana : (12, 14-17)



MANAISOTRA

- « 14Miezaha mitady fihavanana amin'ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay. tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo. 15Ary mitandrema tsara, fandrao hisy hiala amin'ny fahasoavan'Andriamanitra; fandrao hisy faka mangidy mitsimoka hampikorontana, ka ho voaloto ny maro; 16fandrao hisy mpijangajanga na olona tsy manaja ny masina, dia tahaka an'i Esao, izay nivarotra ny fizokiany hahazoany hanina indraim-bava. 17Fa fantatrareo fa rehefa afaka izany, raha ta-handova ny fitahiana izy, dia nolavina; fa tsy nahita izay hibebahana izy; na dia nitady fatratra tamin'ny ranomaso aza.

MIHAZAKAZAKA...

- Oviana no nanomboka ny fihazakazahana:
- Teo amin'ny fotoana izay nidirantsika ho eo anoloan'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana

« 16Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory »



MIHAZAKAZAKA

- Antsoina isika hatoky ny famonjena nataon'i Jesosy hahatanteraka izany
- Izy ihany koa no tanjona ka jerentsika amin'izany fihazakazahana izany



MIJERY AN'I JESOSY

- Tompon'ny finoantsika Izy
- Mpanefa ny finoantsika Izy
- Izy no tanjona na Izy no ifantohan'ny saina sy ny eritreritra
- Misy toerana roa lazaina eto : Sinay sy Jerosalema vaovao na Ziona



MIJERY AN'I JESOSY

- Io Ziona na Jerosalema vaovao io no Fanjakana tsy azo ampiorohoroina
- Ianao izay ao amin'i Jesosy no eo an-tendrombohitra Ziona io
- Io no noraisin'izay mino : « 28Koa satria mandray fanjakana tsy azo ampiorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana ho entintsika manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana; 29fa Andriamanitsika dia afo mandevona (Deo. 4.24). »



MAHARITRA

- Antsoina ny mino tsy hatahotra hiaritra ny mafy
- « 4Hianareo tsy mbola nanohitra niady tamin'ny ota hatramin'ny fahalatsahan-drà. 5Ary hadinonareo ny fananarana izay milaza aminareo toy ny amin'ny zanaka hoe: "Anaka, aza atao ho zavatra kely ny famaizana ataon'i Jehovah, Ary aza reraka, raha resi-lahatry ny anatra ataony ianao; 6Fa izay tian'i Jehovah no faizany, Ary izay zanaka rehetra raisiny no kapohiny" (Oha. 3.11,12). 7Famaizana no anton'ny iaretanareo; Andriamanitra mitondra anareo tahaka ny zanaka; fa aiza moa izay zanaka tsy faizan-drainy? »



MAHARITRA

- Fitaizana no kendren'ireo adim-panahy mihatra amintsika eo amin'ny fiainana
- Mitoera mandrakariva eo ambanin'ny fahasoavana lehibe noraisintsika



MAHARITRA

- Aoka ny fanompoantsika ho mendrika an'Andriamanitra satria efa voadio tamin'ny asa maty rehetra isika
 - Fahamasinana
 - Firaisanan'ny mino sy fihavanana
 - Tsarovy Esao

« Je puis tout par celui (Christ) qui me fortifie. »
(Philippiens 4.13)



MAHARITRA

- Aza mety
ampihorohoroina
- Na misy ady aza :
Mijoroa hatrany

« J'ai été crucifié
avec Christ. »



Christ vit en moi !

MAHARITRA

- Ary tandremo fa Andriamanitra dia afo mandevona.
« 23 Mitandrema ianareo, fandrao manadino ny faneken'i Jehovah Andriamanitrareo izay nataony taminareo ka manao sarin-javatra voasokitra ho anareo, araka ny endriky ny zavatra izay efa nandraran'i Jehovah Andriamanitrao anao. 24 Fa Jehovah Andriamanitrao dia afo mandevona; eny, Andriamanitra saro-piaro Izy. »
- Milaza fitsarana izany